**TORITENY - MASINA MARIA RENI'ANDRIAMANITRA -TAONA A 2026**



## *RENIN'ANDRIAMANITRA SY MPANJAKAVAVIN'NY FIADANANA I MASINA MARIA*

Ry Kristianina havana, ho antsika kristianina katolika dia efa nifampiarahaba sy nifampirary soa ny taom-baovao isika taorian'ny fankalazana an'I Kristy Mpanjaka dia tamin'ny alahady voalohany fiaviana no nanombohantsika ny taombaovao litorjika ka efa mamakivaky ny taona vaovao isika amin'izao kanefa araky ny averimberintsika matetika na dia tsy anisan'izao tontolo izao aza isika kristianina dia eo anivon'izao tontolo izao ho famantaram-pamonjena sy mizara ny manta sy ny masaka amin'ny vahoaka manodidina azy ka an-karavoana no iarahabako antsika jiaby oloaraiky amin'izao voalohan'ny volana janoary fankalazana an'I Masina Maria Renin'Andriamanitra izao. Izao no andro ho firariantsoa, amin'ny maha Ray aman-dReny ny tena dia an-kafaliana no angatahako ny tsodranon'Andriamanitra ho antsika tsirairay.

***Vakiteny I :*** *Fan. 6, 22-27*
***Salamo :*** *Sal. 66*
***Vakiteny II :*** *Gal. 4, 4-7*
***Evanjely :*** *Lk. 2, 16-21*

Efa fomba nolovana taorian'ny Konsily Vatikana faharoa no manolotra hafatra manokana mikasika ny fandriam-pahalemana ireo Papa mifandimby nanomboka tamin'I Papa Paoly faha-6. Efa hafatra faha-59 ity atolotr'I Papa Léon faha-XIV ity izay nomeny lohahevitra hoe : "Miroso amin'ny fandriam- pahalemana tsy mila fitaovam-piadiana intsony fandriam-pahalemana lavitra ny herisetra sy ny fankahalana. Maninona no mibanjina manokana mikasika ny fandriam-pahalemana. Samy maniry tsy misy korontana ary hiaina am-piadanana ny

olombelona. Vavaka iarahana amin'i Masina Maria Renin'Andriamanitra, Renin'i Jesoa Mpanjakan'ny Fiadanana ka Renin'ny Fiadanana ihany koa. Izy hivavaka ho an'izao tontolo izao mba hanjaka tokoa ny fiadanana...Io rahateo ny hafatra naverimberina tany Fatima sy amin'ny toerana nisehoany....

Ny vakiteny voalohany androany dia manamafy an'izany ao amin'ny bokin'ny Fanisana "*Hitahy anao sy hiaro anao anie ny Tompo. Hampamirapiratra ny tavany aminao sy hamindra fo aminao anie ny Tompo. Hanandratra ny tavany aminao sy hanome fiadanana anao anie ny Tompo".* Zava-mahery ary vatsy eo amin'ny fiainana ny tsodrano hoy ny razana ka angatahintsika ny tsodranon'Andriamanitra ho antsika tsirairay sy angatahintsika ho an'ny firenentsika, ny tanànantsika, ny diosezintsika izay fantatsika fa ao anatin'izao fiarahan-dia amin'ny Sinaody faha -7 izao ka eo amin'ny fijanonana faha-4 isika dia ny FIANAKAVIANA MANDRAY AN-TANANA, fampivondronana ny hevi-dehibe rehetra hivelomantsika ny maha Olon-dehibe amin'ny finoana antsika. Taona tsara ho antsika taon-jina ho antsika, vita batemy aho ka irahina ka ho tanteraka amintsika anie izany fa tsy ho slogan fotsiny. Samia miezaka isika tolagna ho EOV vita batemy irahiana manorina ETA izany hoe hiezaka hametraka ny tontolo iainana mba ho tontolo hivelatra tokoa ka isika anie no mpiaro azy voalohany, hikolokolo azy sy hanao izay hampivelatra azy ka ho zary diosezy maintso tokoa hitondra fanantenana amin'izao taona vaovao izao ny diosezintsika….

Ny Eokaristia no loharano sy fototra mamelona ny finoantsika ka mba ho mpamafy ny fiadanana sy ny fanantenana tokoa isika, ho tontolo iainana hitondra fiadanana tokoa anie ny misy antsika ka ny tontolom-piainantsika hanjakan'ny rariny sy ny hitsiny, ny fifankatiavana, ny fihavanana marina, ny fifampirarian-tsoa hifampizarantsika anie mba ho tso-drano tokoa amin'ny tontolom-pianakaviana. Tsy ela isika nankalaza ny fetin'ny fianakaviana masina teo am-panakatonana ny Varavarana Masina. Ny Vararavana Masina no mikatona fa mitohy ny maha-Mpivahinin'ny Fanantenana antsika fa indrindra amin'izao vanim-potoana sarotra izao izay maro ny very fanahy mbola velona. Isika kosa manana an'I Jesoa tsy miova omaly anio ary mandrakizay ary Izy no Lalana sy Fahamarinana ary Fiainana ka tsy very tondro repère isika fa mazava ny lalana. Io Lalana mazava io no fanantenana sy hery ho antsika mamakivavky ny fiainana. Hirotsaka amin'ny fianakaviana tsirairay ny tsodranon'Andriamanitra ka ho tontolom-piainana hanjakan'ny fiaraha-monina mifankatia sy fianakaviana mifankatia anie ny taona 2026.

Raha isika olo araiky jiaby vita batemy handrafitra tontolom-pinoana misy an'Andriamanitra dia hitondra fiadanana tokoa ity taona ity. Ry Kristianina Havana, enga anie ho tontolom-pinoana hanjakan'Andriamanitra tokoa ity taona ity ka amin'izay raha Andriamanitra eo anivon'ny fiainantsika sy ivon'ny fiainantsika dia miova ny fijerintsika , miova ny fomba fiainantsika, miova ny fomba fanantanterahantsika ny asantsika rehetra ka manao ny

asan'Andriamanitra isika. Raha manao izany isika dia Andriamanitra manao ny asantsika, izany no mitondra fiadanana eo anivon'ny fiainantsika.

Tsy mahagaga raha apetraky ny Eglizy I Masina Maria Renin'Andriamanitra ho modely ho antsika, Renin'Andriamanitra I Masina Maria satria Andriamanitra I Jesoa, hivavaka ho antsika izy , I Jesoa no mpanjakan'ny fiadanana, izy no hampihavana, ny fihavanana nentin'I Jesoa no nitondra fiadanana araka ny hafatr'I Papa ~~ao~~ amin'izao 1 Janvier izao. Tsy araky ny hevitr'izao tontolo izao izay amin'ny alalan'ny herisetra sy fanjakazakana no heverina ho fiadanana. Tsy izany no ampianarin'I Jesoa na dia mitondra fiadanana eto amin'izao tontolo izao izy dia amin'ny alalan'ny fahafoizana ny azy. Raha samy mahafoy  ho an'ny hafa isika, mikatsaka ny soa iombonana dia manjaka tokoa ny fiadanana, ka izany no mahatonga izao voalohan'ny taona izao mankalaza an'I Masina Maria Renin'Andriamanitra satria sady mpanjakan'ny fiadanana izy no mivavaka ho an'ny fiadanan'izao tontolo izao. Hafatry ny Papa amin'izao voalohan-taona izao, ***arakaraky ny fampanjakantsika an'I Jesoa amin'ny fiainantsika no hampanjaka ny fiadanana***. Izay tena tian'I Kristy dia ny fanatanterahana ny sitrapon'Andriamanitra tahaka an'I Masina Maria, nanao Eny izy nanantanteraka ny sitrapon'Andriamanitra ka tonga olombelona teto anivontsika ilay mpanjakan'ny fiadanana dia i Kristy, nahafoy ny ainy ho fanavotana antsika.

Aoka isika hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra mandritra ity taona ity dia hanjaka eto amintsika ny fiadanana.

Andron'ny fandriam-pahalemana koa androany, ny Papa Paoly faha 6 araka ny efa voalazantsika  teo aloha no nisafidy ny voalohan'ny taona ho taonan'ny fandriam-pahalemana, taorian'ny ady lehibe faharoa izany, nangetaheta fandriam-pahalemana ny rehetra ary vokatry ny konsily vatikana faharoa. Izany no mahatonga isan-taona mametraka hafatra ho antsika ny Papa Ray masina, enga anie isika hiroso lalandava amin'ny fiainana ny fikatsahana ny soa iombonana ka ho tanteraka amintsika tokoa ny fiadanana eo amin'ny fiainantsika andavanandro.

Enga anie ny sitrapon'Andriamanitra no hotanterahantsika amin'ny ataontsika rehetra ka amin'izay dia hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana isika ka ilay fifampiarahabana sy ny firariantsika soa teo amin'ny fiandohan'izao fankalazana izao anie hanampy antsika hatrany hikatsaka ny marina, hampanjaka ny marina amin'ny ataontsika rehetra ka hikolokolo ny tontolo iainana tokoa isika, ho kanto ny tontolo iainantsika ary isika rehetra anie mba hampanjaka ny fifankatiavana, hikatsaka ny soa iombonana eo amin'ny fiainantsika andavanandro ka ho tanteraka  tokoa ilay teny faneva "EOV vita batemy, irahina ho misionera, hanorina ETA Eglizy Tranoben'Andriamanitra" ka ho taranaka mpanorina tokoa fa indrindra amin'izao taona vaovao izao.

Mila fiovam-penitra mahery vaika mba ho tanteraka izany faniriantsika izany. Tanteraka izany raha mihaona amin'I Kristy tokoa. Hoy indrindra ny Papa Leon faha XIV: "izay mihaona marina amin'I Kristy tsy maintsy miova ary mampiova ny manodidina azy". Raha ny firariantsoa amin'izao taona 2026 izao dia isika hihaona marina amin'I Jesoa.

Mangataka ny tsodranon'Andriamanitra isika ho antsika tsirairay avy amin'ny toerana rehetra misy antsika. Vonjintsika ny anaran'ny Tompo,... Ankalazaina anie Andriamanitra...hitsodrano antsika Andriamanitra mahefa ny zavatra rehetra. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson